# MILAZA ZAVATRA HO AVY MAMPIASA "simple future tense"

Amin'ny teny Anglisy, dia ny "simple future tense" no ampiasaina entina milaza asa na tranga ho avy. Ny fampiasana ny teny "will" no maneho ny fampiasana azy ao anaty fehezanteny.

1. **Affirmative form / Endrika milaza zavatra**

Mipetraka mialoha ny verb ny "will" ho an'ny simple future tense amin'ny endrika milaza zavatra.

**Subject + will + verb …**

Examples:

- I **will buy** a new shirt from the Chinese shop, tomorrow. / Hividy lobaka vaoao ao amin'ilay tsena sinoa iny aho rahampitso.
- They **will** come here to participate to my birthday party. / Ho avy aty izy hanatrika ny fetin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahako.
- I **will love** you forever. / Hitia anao mandrakizay aho.
- The house-keeper **will guide** you to your room. / Hitarika anao mankany amin'ny efitranonao ilay mpamafa trano.
- It **will be** a very nice party. / Ho fety hahafinaritra be io.

2. **Interrogative form / Endrika manontany**

Mipetraka eo amin'ny fiandohan'ny fehezanteny ny "will" ary arahan'ny subject sy ny verb raha toa ka miseho amin'ny endrika manontany ny simple future tense.

**Will + verb + subject …**

Examples:

- **Will you give** me some money to pay my rent? / Hanome vola ahy ve ianao handoavako hofatrano?
- **Will all members come** to the conference next week? / Ho tonga amin'ilay kaonferansa daholo ve ny mpikambana rehetra amin'ny herinandro?
- **Will he build** a house next year? / Hanorina trano ve izy amin'ny herin-taona?
- **Will we** go on vacation? / Handeha hanao vakansy ve isika?

**buy**: mividy

**new**: vaovao

**shirt**: lobaka

**Chinese**: sinoa

**shop**: tsena

**tomorrow**: rahampitso

**come**: tamy, avy, mankany

**here**: eto, aty

**participate**: handray anjara, hanatrika

**birthday**: andro nahaterahana

**party**: fety

**love**: tia

**forever**: mandrakizay

**house-keeper**: mpamafa trano

**guide**: mitarika, manoro làlana

**room**: efitrano

**nice**: mahafinaritra

**give**: manome

**money**: vola

**pay**: mandoa

**rent**: hofatrano

**all**: rehetra

**member**: mpikambana

**conference**: kaonferansa

**next week**: amin'ny herinandro

**build**: manorina

**house**: trano

**next year**: amin'ny herin-taona

**go on vacation**: mandeha vakansy

**happy**: faly

**shoes**: kiraro

**able**: mahay, mahavita

Anglais Français en Ligne

- **Will she be** happy for these new shoes? / Ho faly amin'ireto kiraro vaovao ireto ve izy?

3. **<u>Negative form / Endrika mandà</u>**

Ho an'ny endrika mandà kosa, dia ampiasaina ny "will not" na ny "won't" (endrika nafohezina) izay mipetraka anoloan'ny verb.

**Subject + will not / won't + verb …**

<u>Examples:</u>

- I **will not be** able to teach English. / Tsy ho afaka hampianatra teny Anglisy aho.
- The clients **will not arrive** this week. / Tsy ho tonga amin'ity herinandro ity ireo mpanjifa.
- Anna's parents **won't let** her join her friends at the show. / Tsy ho avelan'ny ray amandreniny hamonjy ny namany any amin'ny fampisehoana i Anna.
- I think, you **won't like** this kind of food. / Mino aho fa tsy hotianao ity karazana sakafo ity.
- It **won't be** a rainy day today. / Tsy hanorana ny andro androany.

**teach**: mampianatra

**client**: mpanjifa

**arrive**: tonga

**this week**: amin'ity herinandro ity

**parents**: ray amandreny

**let**: mamela

**join**: mamonjy

**friend**: namana

**show**: fampisehoana

**think**: miheritreritra

**like**: tia

**kind**: karazana

**food**: sakafo

**rainy**: manorana

**day**: andro

Anglais Français en Ligne